# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA

DECEMBRE 2025 N° 025




## « Voici, je fais toutes choses nouvelles »

(Apocalypse 21.5)

Jean 1.1-18 est sans doute le texte qui exprime avec le plus de clarté et de profondeur ce que signifie Noël : Dieu se fait proche, visible et humain.

Alors que Matthieu et Luc racontent comment Jésus est né, Jean révèle qui il est et pourquoi sa venue transforme radicalement le monde. Le prologue de Jean n'est donc pas un récit de naissance au sens historique, mais une interprétation théologique puissante du mystère de Noël. Il nous fait entrer au cœur même du dessein de Dieu.

Ce n'est pas un hasard si Jean commence par ces mots : « Au commencement était la Parole ».

Cette expression renvoie délibérément à la création du monde. Ainsi, Noël n'est pas seulement la naissance de l'enfant Jésus ; Noël est le commencement d'une nouvelle création. En Jésus-Christ, Dieu inaugure une œuvre nouvelle, un monde renouvelé, une humanité réconciliée.

C'est dans cette perspective que nous pouvons entendre la parole proclamée dans le livre de l'Apocalypse :

« Celui qui était assis sur le trône dit : Voici, je fais toutes choses nouvelles. Puis il dit : Écris, car ces paroles sont certaines et vraies. » (Ap 21.5)

Noël devient alors l'annonce




Faly miarahaba antsika rehetra nahatratra ity Krismasy 2025 ity, ry Havana.

Ny Tenin'Andriamanitra natokana ho antsika amin'izao andro hankalazantsika ny nahaterahan'i Jesosy Tompo izao dia hita ao amin'ny Isaia 52.7-10.

Fihirana izay ao amin'ilay antsoina hoe "Hiran'ilay Mpanompo", mialoha ny hira faha-efatra izay fantatra amin'ny hoe "Mpanompo mijaly".

### Mizara telo ity hira ity:

#### 1. Andininy 7 — Vaovao mahafaly

« Akory ny hatsaran'ny tongotr'izay mitondra teny soa mahafaly eny an-tendrombohitra, sady mitory fiadanana! Izay mitondra teny soa mahafaly sy mitory famonjena, eny, izay manao amin'i Ziona hoe: Mpanjaka Andriamanitrao! »

Tononkira faminaniana ho an'ireo vahoakan'Andriamanitra nentina ho babo tany Babylona nanomboka tamin'ny 587 talohan'i Kristy izany. Resin'i Nebokadnezara ny Joda noho ny ditrany, ka navelan'Andriamanitra niharan'ny fahababoana 70 taona.

Nefa niova ny tantara: nihamalemy ny Babylônianina, fa natanjaka kosa ny Persiana notarihin'i Kirosy. Midika izany fa manakaiky ny fanafahana. Izany no vaovao mahafaly entin'ilay Mpanompo: Andriamanitra Mpanjaka no mitondra famonjena.

#### 2. Andininy 8–9 — Antso ho amin'ny fifaliana

«Injany ny feon'ny mpitilinao! Manandratra feo izy ka miara-mihoby; fa faly izy mahita mifanatri-maso ny fiverenan'i Jehovah ho any Ziona. Velomy ny hoby, ry fitoerandrava any Jerosalema! Fa Jehovah efa nampionona ny olony, sady nanavotra an'i Jerosalema. »

Rava tanteraka tokoa i Jerosalema: matin'i Nebokadnezara ny mpanjaka, ary potika ny Tempoly. Kanefa ny Tenin'Andriamanitra manambara fa hiverina Izy: hanavotra, hampionona, hanarina.

#### 3. Andininy 10 — Famonjena ho hitan'ny firenena rehetra

« Jehovah efa nampiseho ny sandriny masina teo imason'ny firenena rehetra; ary ny faran'ny tany rehetra hahita ny famonjen'Andriamanitsika. »

Tsy ho an'i Joda sy Ziona irery intsony ny famonjena, fa ho hitan'izao tontolo izao.

### Hafatra ho antsika amin'izao Krismasy izao.

Raha atambatra ireo teny telo anjarantsika anio dia mazava ny hafatra:

·Isaia manambara ny fahatongavan' Andriamanitra hamonjy.

visible et concrète de ce projet éternel de Dieu : faire du neuf là où tout semblait figé, brisé ou sans espérance. Dieu ne se contente pas de réparer l'ancien ; il crée du nouveau.

C'est pourquoi, en 2026, nous avons choisi de placer nos temps de jeûne et prière, nos veillées de prière et l'ensemble de notre vie spirituelle communautaire sous le signe de ce renouvellement divin.

Que ces temps de Jeûne et Prière (J&P) et de Veillées de Prière (VP) soient, pour chacune et chacun, des moments privilégiés :

- pour accueillir l'œuvre nouvelle de Dieu dans nos vies,
- pour grandir dans la connaissance de son amour,
- pour être renouvelés par sa grâce,
- et pour marcher ensemble dans l'obéissance à l'Esprit.

Que l'Église tout entière se laisse façonner par Celui qui fait toutes choses nouvelles.

Faisons de ces rendez-vous de prière des temps sacrés, des rencontres profondes et vivantes, personnelles et communautaires, avec notre Seigneur Jésus-Christ. Que sa grâce nous accompagne, nous renouvelle et nous fortifie tout au long de l'année 2026.

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE









Sary Zaikabe FPMA 2025 La Grande-Motte




- Ny Epistily ho an'ny Hebreo kosa milaza fa tanteraka izany tamin'i Jesosy Kristy.
- Jaona dia manambara fa Jeso Ilay Teny mandrakizay tonga nofo no nonina tato amintsika. Ao Aminy no ananganan'Andriamanitra antsika ho zanany.

### Fanontaniana ho an'ny Kristiana Malagasy

Azo ampifandraisina ve ny vaovao mahafaly lazain'i Isaia amin'ny and 7 sy ny zava-niainan'ny firenentsika tato ho ato?

Azo heverina tokoa

Nefa tandremo: Ny tena fahababoana tsy ilay endrika ara-politika na ara-toekarena fotsiny, fa ny fahababoan'ny fo sy ny saina, andevon'ny ota: fitiavan-tena, fitiavam-bola, fijangajangana. Jesosy hamaha ireo fatorana ireo, hanavao ny fiainantsika, ary hitondra antsika ao amin'ny fahafahana marina. Aoka handray Azy isika.

Dr Seth Rasolondraibe

# Homeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra

(Jaona 1.12)

## 1. Ny Fotoana Krismasy dia fanasana handray an'i Jesoa Kristy

*« Fa izay rehetra nandray Azy… »*

Ny Fotoana Krismasy dia tsy fankalazana fotsiny ny nahaterahan'i Jesoa, fa antso ho an'ny olona rehetra handray Azy.

Ny Tenin'Andriamanitra dia mampiseho fa tsy voatery ho an'ny vahoaka iray na sokajin'olona iray ihany i Kristy, fa "izay rehetra" no asaina mandray Azy.

Ny fandraisana an'i Jesoa dia midika hoe manaiky Azy ho Tompo sy Mpamonjy, manaiky ny fahazavany hiditra ao amin'ny fiainana, ary mandray Azy ao am-po. Izany no tena hevitry ny Fotoana Krismasy: Andriamanitra manatona ny olombelona ary manasa azy handray ny Fanomezana velona.

## 2. Ny finoana an'i Jesoa no lalana mankany amin'ny famonjena

*« …izay mino ny Anarany… »*

Tsy ny fombafomba, tsy ny asa tsara, ary tsy ny fitondran-tena mendrika no mahatonga antsika ho an'Andriamanitra, fa ny finoana an'i Jesoa Kristy.

Ny finoana ny Anarany dia midika hoe matoky tanteraka ny maha-Izy Azy: Zanakin'Andriamanitra, Mpamonjy nalefa ho an'izao tontolo izao, Fahazavana ho an'ny olona rehetra.

Ny Fotoana Krismasy dia mampahatsiahy antsika fa tonga teto amin'izao tontolo izao i Jesoa mba hiteraka finoana ao am-po, ary io finoana io no mampifandray antsika amin'Andriamanitra.

## 3. Ny Fotoana Krismasy dia fanambarana ny maha-zanak'Andriamanitra antsika

*« …nomeny fahefana ho tonga zanak'Andriamanitra »*

Ny zava-dehibe indrindra ateraky ny fahaterahan'i Kristy dia izao: nomena fahefana isika ho tonga zanak'Andriamanitra.

Tsy mpanompo fotsiny, tsy vahiny, fa zanaka. Izany dia manambara: Fifandraisana vaovao amin'Andriamanitra, Fiainam-baovao sy fanantenana vaovao, Fananganan'anaka avy amin'ny Ray.


Ny Fotoana Krismasy dia fankalazana ny fidirantsika ao amin'ny fianakavian'Andriamanitra, noho ny fahasoavana nomena antsika tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy.

Mirary Krismasy Sambatra Ho Antsika Ry Havana

Past Falimanana Raharindranto




TELECHARGER L'APPLI FPMA FRANCE



# Andriamanitra velona sy miteny amin'ny vahoakany.

Faly miarahaba antsika ry Havana nahatratra izao fetin'ny Noely 2025 izao.

*"1 Rehefa nampitenenin' Andriamanitra tamin'ny razana fahiny ny mpaminany tamin'ny andro samy hafa sy ny fanao samy hafa; 2 dia amin'izao andro farany izao kosa no nampitenenany tamintsika ny Zanany, Izay voatendriny ho Mpandova ny zavatra rehetra; Izy no nahariany izao tontolo izao,"* Heb.1.1-2

Mampatsiaro ahy tantaram-pitiavana tena nisy ity andinin-tSoratra Masina ity. Indray andro ry Havana dia nisy olon-droa mpifankatia izay nisaratoerana. Tsy mbola nifankahita mivantana izy ireo fa samy raikimpitia fotsiny ihany rehefa niaona teo amin'ny tambazotran-tserasera. Tena matsiro tokoa ny teny mamy nifanakalozan'izy ireo tamin'irony hafatra miafina irony. Misy fotoana aza rehefa tsy afaka mandefa hafatra noho ny tsy fisian'ny aterineto dia ireo hafatra teo aloha no vakivakiana hangalana nofy mamy. Taty aoriana, rehefa nihaona mivantana amin'izay izy roa dia tena avo ny lanitra ka tsy takany. Vao mainka tsy nifankafohy ary nihalalina ny fifankatiavany .

Tahaka izany ry Havana ny tantarampitiavana eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona. Rehefa tafasaraka tamin'Andriamanitra ny olombelona noho ny fahotana, ka tsy nifanerasera tao amin'ny saha edena intsony izy ireo, dia Andriamanitra kosa tsy mahafoy azy ka mitady ny olombelona mandrakariva. Ary amin'izany dia niteny tamin'ny alàlan'ny mpaminany maro izy tahaka an'I Mosesy izay nitondra ny zanak'Israely hiala amin'ny fanandevozana ho amin'ny tanim-piadanana dia ny tany Kanana, tahaka an'I Samoela sy Natana izay nitenenan'Andriamanitra hanome torohevitra ny mpanjakan'Israëly mba haharitra ny fanapahany, ary tsy vitan'izany fa nananatra sy nampitandrina ny vahoakany Izy tamin'ny alàlan'ireo mpaminany tahaka an'I Isaia, Jeremia...sns Na dia mafy hatoka aza ny vahoakany dia tsy nitsahatra nitia azy Andriamanitra ka milaza hoe : "Fa na dia hifindra aza ny tendrombohitra, ary na dia hihetsika aza ny havoana, tsy mba hiala aminao ny famindrampoko, ary tsy hitsoaka ny faneken'ny fihavanako hoy Jehovah, Mpamindra fo aminao" (Is.54.10). Hoy koa Izy : "Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao." (Jer.31.3). Tena miteny amintsika manoloana ny trangam-piainantsika samihafa tokoa Andriamanitra. Tsy voatery mpaminany anefa fa ny Tenin'Andriamanitra hoentin'ny Mpitandrina, ny manodidina antsika, eny na ny vato aza hoy Jesosy dia afaka ampiasain'Andriamanitra hitenenany amintsika. Manotany tena isika hoe : tena vonona ny hihaino Azy ve isika ? Mamintsika tokoa ve ny tenimpitiavany ka mitondra hery ho antsika satria Teny azo antoka ? Mankatoa ny fananarany ve isika ?

Rehefa tsy maheno tsara an'Andriamanitra intsony ny olombelona ry Havana dia tonga nofo mihintsy Andriamanitra ao amin'I Jesosy Kristy mba hanehoany amin'ny fomba hita maso izany fitiavandehibe izany. Tsy mba honohono intsony fa hitan'ny maso sy ren'ny sofina ilay Zanak'Andriamanitra tonga hamonjy izao tontolo izao (Lio.2.30). Ny Zanaka tokoa ilay Teny nentina nanorina izao rehetra àry izao ary Izy koa no mihazona izany amin'ny fahefana sy ny hery (Rm.11.36). Io Zanaka io ry Havana ilay Mesia nampanantenain'ny mpaminany fahiny ary Izy ilay endrika hita maso ny fitiavan'Andriamanitra antsika. Izany fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra izany indrindra no ivon'ny fifalian'ny Noely. Tsy alavitra intsony ilay Andriamanitra hivavahantsika fa tena akaiky tokoa ao amin'ilay Imanoela (Is.7.14). Moa ve izaho te hifampizara fiainana aminy ? Mikatsaka ny ho eo anilany mandrakarive ve aho sa mandositra ny tavany ?

Farany ry Havana dia voalaza fa mpandova ny zavatra rehetra io Zanaka io. Voalazan'I Jesosy ao anaty fanoharana tokoa hoe Izy no mpandova novonoin'ny mpiasa rehefa avy namono ireo mpaminany maro nalefan'ny tompon'ny tanimboaloboka ireo mpamboly (Mt.21). Tsy tapitra eto an-tany ny fiainana fa misy koa ny lova ho an'ny mpanota mibebaka dia ny fiainana mandrakizay izany. Ny fifaliana lehibe ho an'ny fetin'ny Noely ihany koa dia ny hoe tonga nofo Andriamanitra mba hamonjeny ahy sy ianao handova fiainana mandrakizay (Jn.3.16). Tsy tapitra eto an-tany ny tantaram-pitiavan'Andriamanitra sy ny olombelona fa iriany ho mandrakizay. Ny fanotaniana mipetraka dia ny hoe : vonona handova lanitra ve ianao sa mbola variana mankafy ny tany ? Mifalia sy miravoravoa fa afaka soratana any andanitra ny anaranao noho ny amin'I Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra velona.

Mirary antsika hanao fety sambatra amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ny fiainantsika.

Past. Henintsoa Rasolonjatovo

